MPIKAMBANA AO AMIN'NY HCC

# Tsy tokony hidirana pôlitika hoy ny depiote Ramboasalama

Nahitsy ny antoko mpanohitra, fa tsy nanolotra kandida ho mpikambana ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), manoloana ny fifidianana izay ho solontenan'ny Antenimierampirenena miisa roa eo anivon'ity fahefana mpanao lalàna ity. Hatramin'izay mantsy raha ny nambaran'ny antoko mpanohitra dia anisan'ny olana hatrany ny fanapahankevitry ny Hcc amin'ny fifidianana nifanesy teto satria tafiditra pôlitika io



Ny depiote avy amin'ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-4, Emilien Ramboasalama.

andrimpanjakana io, raha ny nambaran'ny nambaran'ny solombavambahoaka avy amin'ny antoko Tim Emilien Ramboasalama. Tamin'ny fandaniana ny tetik'asa Produir aza dia nandeha mihitsy ny resaka malety satria efa misy ketrika amin'izay fifidianana ho avy eo indray avy eo, ka lakilen'izany ny Hcc.Arak'izany dia tsy te-hiray petsapetsa amin'izay zavatra hitranga rahampitso sy ny manaraka ny antoko mpanohitra, antony tsy nandrotsahan'izy ireo kandida hifaninana amin'izay ho solontena eo anivon'ny HCC izay.

**Rajo**

Antenimierandoholona

# Mpitsara vehivavy 2 no solontenany ao amin'ny HCC

Mpitsara vehivavy 2 no hisolo ten any Antenimierandoholona ao amin'ny HCC (fitsarana avo momba ny lalampanorenana). Notanterahina omaly tao amin'ny Lapa maitso Anosikely ny fifidianana ireo solontena roa avy amin'ny Antenimierandoholona handrafitra ireo mpikambana 9 mianadahy ao amin'ny Fitsarana Avo momban'ny Lalampanorenana. Tao anatin'ny fivoriana azon'ny besinimaro natrehina, no nanatanterahana izany, notarihan'ny filohan'ity andrimpanjakana ity, RAZAFIMAHEFA Herimanana, notronin'ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra. 17 no isan'ireo kandida nifaninana tao anivon'ny Antenimierandoholona, ka nomena anjara fitenenana 3 min avy nandresen-dahatra ireo Loholon'i Madagasikara. Saika olona efa nanana ny traikefany tamin'ny toerana nisy azy avy ireo mpifaninana ireo ary olona efa niasa, na niara-niasa teo anivon'ny Fitsarana ny ankamaroany.
Tao aorian'ny fihainoana ireo mpifaninana dia niroso avy hatrany tamin'ny latsabato ireo Loholona ary lany tamin'izany, ka hisolo-tena ny Antenimierandoholona eny anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana ny kandida isany :

- Rojoniaina RANAIVOSON ANDRIAMAHOLY : Magistrat de 2ème grade 1ère échelon.
- Antonia RAKOTONIAINA : Magistrat de 1ère grade.

Raha nanontanian'ny mpanao gazety Andriamatoa RAZAFINDRATSIMBA Raymond, mpampakateny Jeneralin'ny Antenimierandoholona, tao aorian'ny nahalany ireo solontena roa ireo dia nanambara, fa tsy nisy ny « consigne de vote », fa nanjaka ny demokrasia ary nalalaka ny tsirairay teo ampanatanterahana ny adidiny. Hita taratra tokoa izany satria kandida efatra (4) no nahazo vato saingy izy roa ireo no nahazo ny betsaka indrindra. Fito taona tsy azo havaozina ny fe-potoana hiasan'izy ireo araky ny voalazan'ny Lalampanorenana.


**Isambilo**

Ramiandrisoa Erico

# Tsy mitovy ny rijiky amin'ny fifaninanana mpianatra ho mpitsara

Maneho ny heviny momba ny fifaninanana amin'ny fanadinam-panjakana eto amintsika, Ramiandrisoa Erico, na jeneraly Garaba."Miandry ny zandry sy ny vahoaka, mba hoe hiteny anareo zoky sy ny olom-boafidy amin'ity tsy fisian'ny égalite de chance, na rijiky, ho an'ny tanora malagasy manana mari-pahaizana afaka ny ho mpiadina amin'ny fifaninanana mpianatra ho mpitsara na magistrat. Lazaina fa iadiana amin'ny kolikoly no antony tsy hanaovana an'izany any amin'ny faritra, ka mahatonga azy atao any Antananarivo avokoa.
Inona ihany izany no asan' ireo bianco any amin'ny faritra ireo? Any amin'ny faritra ve izany no tena be kolikoly sy misy mpanao an'izany betsaka? Mila valiny io. Raha tsy hiteny foana ny zanaka ny faritra dia hitohy ihany izao zava-misy miendrika fanilihana izao, dia aza mimenomenona intsony isika hoe Antananarivo irery i Madagasikara, satria isika no tsy miteny nefa samy tompony izao anefa. Mangataka anareo olom-boafidinay ireo, mba hiteny sy hiady ny tombontsoanay no nifidiananay anareo ireo. Mandiniha sy tongava saina amin'izay isika tanora, fa efa miharihary loatra ny fanilihana antsika aty amin'ny faritra.

**Niaina**



Tarehi-marika farany

# 2 no lavon'ny coronavirus, 162 ny tranga vaovao

Tarehi-marika farany momba ny valanaretina coronavirus: 162 ny tranga vaovao, niampy 2 ny olona matiny teto Madagasikara ny 23 martsa 2021 lasa teo. 162 tranga vaovao hita tamin'ireo 1000 nanaovana fitiliana teto Madagasikara ny 23 martsa 2021 : 84 Analamanga, 21 Atsinanana, 11 Diana, 10 Boeny, 15 Vakinankaratra, 8 Menabe, 8 Analanjirofo, 1 Ihorombe, 1 Melaky, 3 aty Sofia.
141 sitrana : 114 Analamanga, 9 Atsinanana, 1 Matsiatra Ambony, 3 Boeny, 9 Vakinankaratra,




Tarehi-marika farany momba ny covid19 teto Madagasikara.

4 Atsimo Andrefana, 1 Analanjirofo.
2 matin'ny valanaretina Covid-19 ny 23 martsa 2021 : 1 Analamanga , 1 Atsinanana. Tafakatra 363 araka izany ny fitambaran'ny olona namoy ny ainy, noho ny valanaretina Coronavirus hatramizay nidirany teto amintsika tamin'ny volana martsa tamin'ny taona 2020.
1199 kosa ireo mbola manaraka fitsaboana hatreto, ny 154 amin'ireo no manana fahasarotana, na ny "forme grave". Mila mailo hatrany arak'izany ny rehetra amin'ny fepetra sakana ara-pahasalamana amin'ny ady amin'ity valanaretina ity.

**Niaina**

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Valanaretina coronavirus

# Famonona vahoaka ny tsy famelana azy hisafidy hanao vaksiny

Famonoana vahoaka ny tsy famelana azy hisafidy hanao vaksiny. Firenena maro eto amin'izao tontolo izao ankehitriny no efa nisafidy hanao vaksiny fanefitra amin'ny covid19, n any valanaretina coronavirus, anisan'izany ireo firenena Afrikana maromaro. Ny mpanohitra eto amintsika, tarihan'ny filoha Marc Ravalomanana koa dia efa nanambara fa ilaina ny vaksiny amin'ny ady amin'ity fahavalo tsy hita maso ity, toy izany koa ny ao amin'ny Akademia Malagasy: avelao ny olona hisafidy ny zavatra hiarovany tena amin'ity valanaretina ity. Manao ny andraikiny ny mpanohitra, mijery hatrany ny hahasoa ny vahoaka, rehefa be marenina, sy tsy mety hatoro ny mpitondra. Ankilazan'izany, mitaky fitoniana ny fitondrana ilazàny, fa izay no ahafahana mampandroso ny firenena. Fa iza moa no manakorontana eo? Ny hetsiky ny mpanohitra ve lazaina ho manakorontana? Hadisoan-kevitra izany. Tena manao ny andraikiny aza nympanohitra, fa ny mitazam-potsiny sy ny mangina no tena hadisoany eo anatrehan'ny vahoaka sy ny firenena. Mbola mila miteny mafimafy noho izay nataony aza izy, satria ny vahoaka efa tsy afaka miteny sy maneho hevitra eto amin'ity firenena ity. Famitahana vahoaka tsotra izao ny filazana fa efa misy ny Antenimierampirenena ho an'ireo solombavambahoaka. Tsy misy mahasolo vava ny vahoaka izany, hoy ny filoha libyana taloha efa nodimandry, ny kolonely Mouammar El Kadhafi. Tsikaritra eto amin'ny firenena izany filazana izany. Misy amin'ireo solombavambahoaka no lasa nambara fa solombavam-pitondrana noho ny fihetsiny sy ny zavatra ambarany ary ny iadiany fo mafy. Soa fa misy ireo mahatsiaro fa mila tsinjovina mandrakariva ireo vahoaka nifidy azy ary tsy azo adinoina ny zony hahafantatra ny marina momba ny raharaham-pirenena.
Tsy mbola nilaza mihitsy ny mpitondra any ivelany efa mandroso lavitra amin'ny demôkrasia, manoloana ny fitakiana ataona sokajy na vondron'olona samihafa, toy ny tany Frantsa, ohatra, ka nambara fa manakorontana tsy mampandroso firenena. Niaraha-nahita sy nandre tsara ny hetsika nataon'ireo miakanjo mavo isan-kerinandro nandritry ny fotoana lava. Nizotra hatrany anefa ny raharaham-pirenena tany an-toerana.
Ny eto amin'ny firenena anefa vao manambana hidina an-dalambe ny vahoaka dia mitsangam-bolo ny mpitondra, sy ny "mpitandro filaminana". Nodokafan'ny filohan'ny Repoblika ery izy ireo tamin'ny sabotsy alina teo, fa hoe izy ireo no miaro ny demôkrasia. Toa mifanohitra amin'izany anefa ny zavatra hita. Niseho namaritra ny amin'ity teny ity ary ny tenany kanefa tena miendrika fanarontsaronana ny tena hevitr'io teny io. Aoka tsy ho fitahina ny vahoaka. Ny manjo azy aza ity efa mahonena noho ny fiangarana mitranga eo anivon'ny fiarahamoniny.

**Sôh'son**